# Ny Drafitry ny Famonjena



## INONA NO ATAO HOE DRAFITRY NY FAMONJENA?

Ny drafitry ny famonjena* dia drafitr'Andriamanitra ho fahasambaran'ny zanany. Mifototra amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Krsity izany. Raha manaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy ianao dia hahita fiadanana anaty maharitra eto amin'ity fiainana ity ary fifaliana mandrakizay aorian'ny fahafatesana.

Rehefa mianatra momba ny drafitry ny famonjena ianao dia hahita ny valin'ireto fanontaniana ireto: "Avy aiza aho?" "Inona no tanjoko amin'ny fiainana?" "Ho aiza aho aorian'izao fiainana izao?"

## AVY AIZA AHO?

Tsy nanomboka tamin'ny fahaterahana ny fiainanao ary tsy hifarana amin'ny fahafatesana koa. Avy amin'ny fitambaran'ny vatana fanahy (antsoina matetika hoe fanahy) sy vatana nofo ianao. Noharian'ny Ray any an-danitra ny fanahinao, ary niara-niaina Taminy tamin'ny maha-fanahy ianao talohan'ny nahaterahanao teto an-tany. Fantatrao ary tianao Izy, ary fantany sy tiany ianao. Antsoina hoe fiainana talohan'ny nahaterahana io vanim-potoana io.

> *"Ny drafitry ny [fanavotana] . . . dia voaomana hatry ny fanorenana izao tontolo izao amin'ny alalan'i Kristy ho an'izay rehetra hino ny anarany."*
>
> **Alma 22:13**

Nandritra ny fiainana talohan'ny nahaterahanao dia nampianarina anao ireo fitsipika sy didy izay hitondra fifaliana ho anao. Nitombo fahalalana ianao ary nianatra nitia ny fahamarinana. Nampianarina anao ny drafitry ny famonjena. Nandritra io fiainana talohan'ny nahaterahana io dia voafidy ho Mpamonjy i Jesoa Kristy; fantatrao fa amin'ny alalany no hahafahanao mandresy ny vokatry ny safidy ratsy nataonao.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Ivon'ny drafitry ny Ray any an-danitra ny fianakaviana.***




3

Anisan'ny zava-dehibe ao amin'ny drafitr'Andriamanitra ny nandefasany anao eto an-tany mba hahazo vatana nofo ary hianatra hanao safidy tsara. Tsy ho tadidinao ny fiainanao teo anatrehan'ny Ray any an-danitra, saingy homeny anao ny fahafahana mahafantatra ny tsara sy ny ratsy. Afaka hahafantatra ny fitiavany sy ny fahamarinany ianao. Afaka mianatra manao safidy tsara foana ianao amin'ny alalan'ireo zavatra iainana sy ny fitsapana. Afaka hiverina hiara-hiaina amin'ny Ray any an-danitra ianao amin'ny alalan'ny fanampian'i Jesoa Kristy rehefa mitsahatra ny fiainanao eto an-tany.

*Talohan'ny nahatongavanao teto amin'ity tany ity dia niaina teo anatrehan'Andriamanitra sy ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy, ianao na dia nesorina taminao aza ny fahatsiarovana izany. Nihoby tamim-pifaliana ianao rehefa nomena ny fahafahana ho tonga eto amin'ity tany ity ka hahazo vatana sy hanaraka ny drafitr'Andriamanitra hahasambatra anao.*

Tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahanao dia nianatra ianao fa amin'ny alalan'ny fisafidianana ny hanaraka ny drafitr'Andriamanitra ihany no hahafahanao mahazo fiadanana sy fahafaham-po maharitra eto amin'ity fiainana ity ary mandrakizay. Satria tiany ianao, dia nomen'ny Ray any an-danitra anao ny safidy malalaka, na ny hery ahafahana manao safidy. Mamela anao Izy hisafidy ny hanaraka ny drafiny sy i Jesoa Kristy Tompo .

I Satana, izay iray tamin'ny fanahy zanak'Andriamanitra, dia nanohitra ny Ray any an-danitra ary tsy nanaiky ny drafiny. Tiany terena hanaraka ny sitrapony isika rehetra. Indrisy fa maro tamin'ireo zanaky ny Ray any an-danitra no nisafidy ny hanaraka an'i Satana. Noroahana tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra i Satana sy ny mpanara-dia azy ary tsy navela ho teraka ety an-tany. Manohy ny fisiany amin'ny maha-fanahy azy izy ireo. Fadiranovana izy ireo, ary tiany ho fadiranovana ianao. Alainy fanahy ianao sy ny zanak'Andriamanitra rehetra mba hanao zavatra izay hitondra fahoriana sy tsy hahafaly an'Andriamanitra.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Be ireo zavatra tokony hianarantsika sy handalovantsika mandritra ity fiainana ity.***

Tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana dia nisafidy ny hino an'i Jesoa Kristy ianao ary hanaraka ny drafitr'Andriamanitra. Noho ny safidinao dia teraka teto antany ianao. Amin'ny alalan'ny fanaovana ireo safidy ireo ihany no hahafahanao mahazo fiadanana eto amin'ity fiainana ity sy miverina miara-miaina amin'ny Ray any an-danitra rehefa mitsahatra ity fiainana ity.

## INONA NO TANJOKO AMIN'NY FIAINANA?

### Ny Fahariana sy ny Fahalavoana

Nohariana ny tany mba ho toerana ahafahan'ny Zanaky ny Ray any an-danitra miaina sy mahazo traikefa. I Adama sy Eva no zanak'Andriamanitra voalohany tonga teto an-tany. Nipetraka tao amin'ny toerana iray antsoina hoe Sahan'i Edena izy ireo, ary mbola teo anatrehan'Andriamanitra izy ireo tao.

Nomen'ny Ray any an-danitra safidy i Adama sy Eva, na fahafahana misafidy. Nandidy azy ireo Izy mba tsy hihinana amin'ny voankazon'ilay hazon'ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Ny fankatoavana io didy io dia nidika hoe afaka nijanona tao amin'ny saha izy ireo, saingy tsy afaka nivoatra mba hahazo fahalalana avy amin'ny zavatra iainana sy avy amin'ny fitsapana. Nalain'i Satana fanahy i Adama sy Eva mba hihinana ilay voankazo voarara ary nisafidy ny hanao izany izy ireo. Tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra izany. Noho ny fanapahan-kevitr'izy ireo dia nosarahana ara-batana sy ara-panahy tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo. Lasa mety maty izy ireo, izany hoe, mety iharan'ny fahotana sy ny fahafatesana. Tsy afaka niverina tany Aminy izy ireo raha tsy nisy ny fanampiany. Ny fisarahany ara-batana sy ara-panahy tamin'Andriamanitra dia antsoina hoe ny Fahalavoana.

Naniraka ny anjely sy ny Fanahy masina ny Ray any an-danitra mba hampianatra an'i Adama sy Eva ny drafitry ny famonjena. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ivon'izany drafitra izany, izay ahafahan'ny zanak'Andriamanitra mandresy ny vokatry ny Fahalavoana ary mahazo fifaliana eto amin'ity fiainana ity ary mandrakizay.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

*"Raha tsy nandika lalàna i Adama dia tsy ho lavo izy fa ho tafatoetra koa tao amin'ny sahan'i Edena. . . .*

*"Ary tsy ho nanan-janaka i [Adama sy Eva]; noho izany izy ireo dia ho tafajanona tamin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny, tsy nanam-pifaliana satria tsy nahalala fahoriana, tsy nanao ny tsara satria tsy nahafantatra ny ota.*

*"Nefa indro ny zava-drehetra dia efa natao araka ny fahendren'Ilay mahafantatra ny zava-drehetra.*

*"Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana."*

**2 Nefia 2:22–25**



**Ny Fiainanao eto an-tany**

Tafasaraka ara-batana sy ara-panahy amin'Andriamanitra ianao noho ny Fahalavoana. Ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny zanany izany fisarahana izany. Ny tanjon'ny nialanao teo anatrehany mba ho tonga eto an-tany dia ahitana ny fandraisana vatana sy fahazoana traikefa ary fianarana manao safidy tsara.

Mitondra fahasambarana ny lafiny maro eo amin'ny fiainana ary mitondra fahoriana ny sasany. Ireo traikefa ireo dia manampy anao hianatra hanavaka ny tsara sy ny ratsy ary hanao safidy tsara. Mitarika anao hanao ny tsara sy hanaraka Azy Andriamanitra, ary maka fanahy anao tsy hiraharaha an'Andriamanitra sy hanota i Satana. (Ny fahotana dia fisafidianana am-panahy iniana hanao ny ratsy na tsy hanao ny tsara.) Rehefa misafidy ny hanaraka an'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny ianao, dia mitombo fahendrena sy fahamatoran-toetra. Afaka mahatsapa fifaliana ianao na dia ao anatin'ny fotoam-pahoriana aza ary afaka miatrika ny olan'ny fiainana miaraka amin'ny fanahin'ny fiadanana.

> *"Zanaky ny Ray aho,*
> *Napetrany etỳ,*
> *Nomeny fianakaviana aho*
> *Ray aman-dreny tia.*
> *Tariho, ampio,*
> *miaraha eo anilanay,*
> *Toroy ahy ny ataoko*
> *Hiverin'any indray."*
>
> ***Hira*, faha 113**

Nanao safidy tsara maro ianao teo amin'ny fiainanao, saingy nanao safidy ratsy maro koa. Rehefa manao safidy ratsy ianao ary manota dia manasaraka ny tenanao lavidavitra ihany amin'Andriamanitra. Antsoin'ny soratra masina hoe fahafatesana ara-panahy io fisarahana io. Ankoatra ny fisarahanao amin'Andriamanitra dia mitondra fahamelohana sy fahamenarana koa ny fahotana. Tsy afaka mandresy samirery ny fahotana sy ny vokany ianao.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Tokony handinika tsara ny safidintsika isika.***

**Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy**

Satria tia anao ny Ray any an-danitra dia nandefa ny Zanakalahiny Jesoa Kristy Izy mba hanonitra ny otanao. Io fanonerana io dia tafiditra ao anatin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Nijaly an-tsitrapo noho ny fahotanao sy ny fanaintainanao sy ny aretinao ary ny fahorianao i Jesoa Kristy. Afaka manampy anao amin'ny fahorianao Izy sy manamaivana ny fahamelohana sy fahamenarana vokatry ny fahotanao, amin'ny alalan'ny fahasoavany sy ny famindram-pony.

> *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino azy, fa hanana fiainana mandrakizay."*
>
> **Jaona 3:16**

Raha nanonitra ny fahotanao i Jesoa dia tsy nanaisotra ny fahafahanao misafidy sy ny maha-tompon'andraikitra anao—Tsy hanadio anao Izy raha toa tsy sitraponao izany. Mba hahazoana fanampiana sy hery avy Aminy dia mila mino Azy ianao, mibebaka sy hatao batisa ary mandray ny Fanahy Masina ary misafidy ny hanaraka ny fampianarany mandritra ny fiainanao. Rehefa miankina amin' ny Sorompanavotana ianao, dia hahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra, ary hanampy anao hizaka ny fahorianao Izy. Hahatsapa fifaliana sy fiadanana ary fankaherezana ianao. Ny zava-drehetra izay toa tsy aradrariny eo amin'ny fiainana dia afaka ahitsy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny famindram-po ary ny fitiavan'ny Ray any an-danitra. Ny Sorompanavotana no ivon'ny drafitry ny famonjena.

## HO AIZA AHO AORIAN'IZAO FIAINANA IZAO?

Amin'ny fomba fijery eto an-tany dia toa ny fahafatesan'ny vatana no fiafarana, nefa tena fiantombohana izany, fandrosoana amin'ny dingana iray ao amin'ny drafitry ny Ray any an-danitra. Rehefa maty dia mandao ny vatana ny fanahy ary mankany amin'ny tontolon'ny fanahy, izay toerana fianarana sy fiomanana. Ny fahatsioravanao momba ity fiainana ity dia hijanona aminao any amin'ny tontolon'ny fanahy.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Nijaly noho ny fahotantsika tao amin'ny Sahan'i Getsemane ny Mpamonjy.***



Tsy hanova ny maha-izy azy anao na ny fanirianao ny tsara na ny ratsy ny fahafatesana. Raha misafidy ny hanaraka an'i Kristy ianao mandritra ny fiainanao eto an-tany dia hahatsapa fiadanana ianao any amin'ny tontolon'ny fanahy ary hiala sasatra amin'ny asanao. Ireo izay nisafidy ny tsy hanaraka an'i Jesoa Kristy sy tsy nibebaka dia ho fadiranovana.

*Rehefa maty dia mandao ny vatana ny fanahinao ary mankany amin'ny tontolon'ny fanahy, izay toerana fianarana sy fiomanana ary fialana sasatra amin'ny asa sy ny fahoriana.*

Fantatry ny Ray any an-danitra fa maro ireo zanany izay tsy hanana fahafahana velively hianatra momba an'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainany ary ny sasany dia hisafidy ny tsy hanaraka Azy. Noho ny fitiavany ny zanany dia nanome fomba ho an'ireo izay any amin'ny tontolon'ny fanahy Andriamanitra hianaran'izy ireo momba ny drafiny sy hananany finoana an'i Jesoa Kristy ary hibebahany. Hahazo fiadanana sy hiala sasatra ireo izay manaiky ny hanaraka an'i Jesoa Kristy.

**Ny Fitsanganana amin'ny maty ary ny Fitsarana farany**

Anisan'ny fanomezan'Andriamanitra lehibe ho an'ny rehetra izay tonga eto an-tany ny fitsanganana amin'ny maty, izay tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Tamin'i Jesoa maty teo amin'ny hazofijaliana, dia lasa tany amin'ny tontolon'ny fanahy ny fanahiny. Telo andro taty aoriana, dia nakambana indray tamin'ny vatany heni-boninahitra sy tomombana ary tsy mety maty intsony ny fanahiny. Antsoina hoe *fitsanganana amin'ny maty* izany fikambanan'ny vatana sy ny fanahy izany. Ny olona rehetra izay teraka eto an-tany dia hitsangana amin'ny maty.

Rehefa avy nitsangana tamin'ny maty ianao, dia hijoro eo anoloan'Andriamanitra ary hotsaraina araka ny asanao sy ny fanirian'ny fonao.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Niseho tamin'i Maria ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty.***



**Ambaratongam-boninahitra**
Rehefa avy notsaraina ianao dia hipetraka ao amina karazana voninahitra. Noho ny fahasamihafan'ny asan'ny rehetra sy ny faniriany, dia misy fanjakana samihafa any an-danitra na ambaratongam-boninahitra.

**Fanjakana selestialy.** Mipetraka ao amin'ny fanjakana selestialy ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy. Raha miaina araka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao ary voadio ny fahotanao tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana dia hahazo toerana ao ianao, ao amin'ilay fanjakana avo indrindra. Hiaina eo anatrehan'Andriamanitra ianao ary hahatsapa fifaliana feno.

**Fanjakana Terestrialy.** Ny olona izay nandà ny filazantsaran'i Jesoa Kristy nefa nanana fiainana mendrika dia hahazo toerana ao amin'ny fanjakana terestrialy.

**Fanjakana Telestialy.** Ireo izay manohy manota sy tsy mibebaka dia hahazo toerana ao amin'ny fanjakana telestialy.

## Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia ahafahana mahazo ny famonjena.

**Fiainana talohan'ny nahaterahana**

Fahariana sy Fahalavoana


**Fiainana an-tany**

Finoana an'i Jesoa Kristy
Fibebahana
Batisa
Fanomezana ny Fanahy Masina
Faharetana hatramin'ny farany

Fahafatesan' ny vatana

## Midika inona amiko ilay Drafitra?

Rehefa azonao fa Rainao Andriamanitra, ary tia anao Izy, ary nataony izay ahafahanao mahazo traikefa sy fahalalana eto ka ho lasa tahaka Azy aorian'ity fiainana ity, dia ho fantatrao ny maha-zava-dehibe ny fanapahan-kevitrao mandritra ny fiainanao. Azonao fa tsy maintsy manaraka an'i Jesoa Kristy ianao mba hahazoana ny fahasoavana feno avy amin'ny drafitry ny Ray any an-danitra.



## AHOANA NO AHAFANTARAKO FA MARINA IZANY?

Misy ny fahalalana bebe kokoa momba ny drafitry ny famonjena noho ny famerenana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith.

Afaka mahafantatra ianao fa marina ireo zavatra ireo amin'ny fanontaniana ny Ray any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka. Hamaly anao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izy. Antsoina hoe Fanahin'Andriamanitra koa ny Fanahy Masina, ary anisan'ny anjara asany ny mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana. Manambara sy manamafy ny fahamarinana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fahatsapana, sy ny eritreritra ary ny fihetseham-po. Ny fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina dia mahery saingy tony sy malefaka koa izany matetika. Araka ny nampianarina ao amin'ny Baiboly hoe, "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana, fahalemem-panahy [ary] fahononam-po" (Galatiana 5:22–23). Ireo fahatsapana ireo dia fanamafisana avy amin'ny Fanahy Masina fa marina ity hafatra ity. Noho izany dia mila misafidy ianao hoe hiaina araky ny fampianaran'i Jesoa Kristy izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith.

*Ahoana no fomba fivavahako?*

- *Antsoy ny Rainao any an-danitra.*
- *Ambarao ireo zavatra tsapan'ny fonao (fankasitrahana, fanontaniana, fangatahana fanamafisana momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny zavatra nampianarin'ny misiônera).*
- *Farano amin'ny hoe ("Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena").*

***Afaka mahafantatra ny fahamarinana ianao amin'ny alalan'ny vavaka atao amin-kitsimpo.***



## Lisitr'ireo Teny Manan-danja

**Drafitry ny famonjena** Drafitry ny Ray any an-danitra izay ahafahantsika ho tonga tahaka Azy ary hahazo fifaliana feno. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ivon'io drafitra io ary ahitana ireo didy sy ôrdônansy ary fampianaran'ny filazantsara izany.

**Fahafatesan'ny fanahy** Fisarahana amin'Andriamanitra vokatry ny fandikana ny didiny. Voavonjy amin'ny fahafatesana ara-panahy isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy rehefa mibebaka sy mitandrina ny didiny.

**Fahafatesan'ny vatana** Fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana mety maty. Rehefa maty ny vatana ara-nofo dia manohy miaina any amin'ny tontolon'ny fanahy ny fanahy. Mandresy ny fahafatesan'ny vatana isika amin'ny alalan'ny fitsanganana amin'ny maty, izay tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

**Ny Fahalavoana** Toe- javatra izay nahatonga ny olombelona ho lasa mety maty. Nitondra tany amin'ny fisarahana ara-batana sy ara-panahy tamin'Andriamanitra izany. Noho ny tsy fankatoavan'i Adama sy Eva, izay olombelona voalohany, ny didin'Andriamanitra, dia nosarahana tsy ho eo Anatrehany izy ireo (antsoina koa hoe fahafatesana ara-panahy io fisarahana io) ary lasa mety maty (mety iharan' ny fahafatesana). Amin'ny maha-taranak'i Adama sy Eva antsika, dia tafasaraka amin'Andriamanitra koa isika ary mety iharan' ny fahafatesan'ny vatana. Noresen'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy na ny fahatesan'ny vatana na ny fahafatesana ara-panahy.

**Fahasoavana** Fanampiana sy hery avy amin'ny lanitra omena amin'ny alalan'ny famindram-po sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy. Hitsangana amin'ny maty ny olombelona rehetra amin'ny alalan'ny fahasoavany izay tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Amin'ny alalan'ny fahasoavany, ireo izay manohy mibebaka sy miaina araka ny filazantsarany dia hahatsapa ny fanatonana akaiky sy maharitra ny Ray any an-danitra eto amin'ity fiainana ity ary hiaina eo Anatrehany aorian'ity fiainana ity.

**Famonjena** Fanavotana amin'ny fahotana sy ny fahafatesana. Tanteraka ny famonjena amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Handresy ny vokatry ny fahafatesana ny olona rehetra amin'ny alalan'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy amin'ny maty. Afaka ho voavonjy amin'ny vokatry ny fahotana koa isika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Izany finoana izany dia miseho

ao anatin'ny fiainana misy fibebahana sy fankatoavana ny lalàna sy ny ôrdônansin'ny filazantsara ary fanompoana an' i Kristy.

**Fanahy** Ampahany amin'ny maha-olombelona izay niara-niaina tamin'ny Ray any an-danitra talohan'ny nahaterahana. Mandritra ny fiainana an-tany dia mitambatra amin'ny vatana ny fanahy. Mitohy miaina ny fanahy aorian'ny fahafatesana.

**Fiainana talohan'ny nahaterahana** Fiainantsika talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany. Niaina teo anatrehan'ny Ray any an-danitra tamin'ny maha-fanahy zanany isika, tany amin'ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana. Tsy nanana vatana ara-nofo isika.

**Fitsanganana amin'ny maty** Ny fitambaran'ny fanahy amin'ny vatana nofo sy taolana, izay tomombana aorian'ny fahafatesan'ny vatana. I Jesoa Kristy no nitsangana tamin'ny maty voalohany. Aorian'ny fitsanganana amin'ny maty dia tsy hisaraka intsony ny vatana sy ny fanahy ary velona mandrakizay ilay olona. Ny olona rehetra izay niaina dia hitsangana amin'ny maty noho ny Sorompanavotana.

**Ôrdônansy** Fanao sy fombafomba masina izay tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Ohatra iray amin'izany ny batisa sy ny fandraisana ny Fanahy Masina ary ny fanasan'ny Tompo. Matetika ny ôrdônansy dia fomba hanaovana fanekempihavanana amin'Andriamanitra.

**Safidy malalaka** Fanomezana avy amin'Andriamanitra mba hifidianana ny tsara na ny ratsy, ary ny mety na ny tsy mety.

**Sorompanavotana** Toe-javatra nitranga izay nahafahantsika nihavana tamin'Andriamanitra. Ny hoe manonitra dia miaritra famaizana noho ny fahotana natao, ka amin' izany no anesorana amin' ny mpanota mibebaka ny vokatry ny fahotana. Jesoa Kristy ihany no hany nahavita ny Sorompanavotana fanaperana ho an' ny olombelona rehetra. Ny Sorompanavotany dia nahitana ny fijaliany noho ny fahotantsika, ny fandatsahana ny rany ary ny fahafatesany sy ny Fitsanganany tamin' ny maty. Noho ny Sorompanavotana, ny olona rehetra niaina dia hitsangana amin' ny maty. Ny Sorompanavotana koa dia manokatra ho antsika ny lalana ahazoana famelan-keloka sy iainana mandrakizay miaraka amin' Andriamanitra.

**Tontolon'ny Fanahy** Toerana izay handehanan'ireo fanahy eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty. Ho toeran'ny fiadanana sy fifaliana ny tontolon'ny fanahy ho an'ireo izay marina nandritra ny fiainany.

## FANDALINANA FANAMPINY

Ireto fanontaniana sy soratra masina manaraka ireto dia hanampy anao hahalala bebe kokoa ireo fitsipika ao anatin'ity boky kely ity ary hisaintsaina ny momba azy ireo. Tsy feno ny lisitra, saingy ny fanamarihana hanovozan-kevitra sy ny fampizahana soratra masina hafa, ao amin'ny soratra masina, dia hitondra anao any amina andinin-tsoratra masina sy loharano hafa.

**Inona no fifandraisanao tamin'Andriamanitra talohan'ny nahaterahanao?**

Jeremia 1:5 (Baiboly, Testamenta Taloha)
Hebreo 12:9 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

**Inona no atao hoe Fahalavoana? Nahoana izany no tena nilaina?**

2 Nefia 2:14–26 (Bokin'i Môrmôna, pejy 66–67)
Alma 42:2–9 (Bokin'i Môrmôna, pejy 377)

**Inona no tanjon'ny fiainanao eto? Ahoana no ahafahan'io fahalalana io mampisy fiantraikany eo amin'ny fanapahan-kevitra raisinao isan'andro?**

2 Nefia 2:25–27 (Bokin'i Môrmôna, pejy 67-68)
Alma 34:32 (Bokin'i Môrmôna, pejy 356)

**Inona no atao hoe Sorompanavotana? Ahoana no ahafahan'izany manampy anao amin'ny fiainanao andavanandro?**

Jaona 3:16–17 (Baiboly, Testamenta Vaovao)
Romana 3:23–25 (Baiboly, Testamenta Vaovao)
2 Nefia 2:6–8 (Bokin'i Môrmôna, pejy 65)
Alma 7:11–12 (Bokin'i Môrmôna, pejy 265)
Alma 42:22–23 (Bokin'i Môrmôna, pejy 378–379)

**Inona no atao hoe tontolon'ny fanahy? Inona no mitranga any?**

1 Petera 4:6 (Baiboly, Testamenta Vaovao)
Alma 40:11–14 (Bokin'i Môrmôna, pejy 308)

**Inona no atao hoe tafatasangana amin'ny maty? Iza no hitsangana amin'ny maty? Nahoana no zava-dehibe ny fitsanganana amin'ny maty?**

2 Nephi 9:13–15 (Bokin'i Môrmôna, pejy 73–74)
Alma 11:42–45 (Bokin'i Môrmôna, pejy 372–373)

**Inona no atao hoe lanitra? Nahoana no misy ambaratongamboninahitra samihafa any?**

1 Korintiana 15:40–43 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

## Andao hiara-hivavaka aminay

### Andao ary Jereo ny Fomba ahafahan'ny Filazantsara Naverina amin'ny Laoniny Mitahy ny Fiainanao



Ny Fivoriana Fanasan'ny Tompo no fotoam-pivavahana lehibe indrindra. Matetika dia maharitra adin'ny iray mahery kely izany ary araka ny mahazatra dia ahitana ireto manaraka ireto:

*Hira:* Hirain'ny mpiangona. (Misy Fihirana.)

*Vavaka:* Ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana eo an-toerana.

*Ny Fanasan'ny Tompo:* Hamasinina ny mofo sy ny rano ary zaraina amin'ny mpiangona ho fahatsiarovana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

*Mpanao lahateny:* Matetika dia tendrena mialoha ny olona iray na roa amin'ireo mpiangona mba hiresaka momba ireo lohahevitra ao amin'ny filazantsara.

*Fitafiana:* Amin'ny ankapobeny ny lehilahy sy ny zatovolahy dia manao palitao sy pataloha na pataloha tsara miaraka amin'ny lobaka sy karavaty. Ny vehivavy sy ny zatovovavy dia manao akanjo lava na zipo.

Tsy misy rakitra atao mandritra ny fotoam-pivavahana.

Manasa anao koa izahay hanatrika ny fivoriana hafa, izay mifanaraka amin'ny zavatra mahaliana anao sy ny sokajin-taona misy anao. Ny filaharana sy ny fisian'ireo fivoriana ireo dia mety miovaova.

*Sekoly Alahady:* Kilasy izay handalinana ny soratra masina sy ny fotopampianaran'ny filazantsara.

*Fivorian'ny Fisoronana:* Kilasy ho an'ny lehilahy sy ny zatovolahy 12 taona no ho miakatra.

*Fikambanana Ifanampiana:* Kilasy ho an'ny vehivavy 18 taona no ho miakatra.

*Zatovovavy:* Kilasy ho an'ny zatovovavy 12 taona ka hatramin'ny 18 taona.

*Kilonga:* Vondrona fanompoana sy kilasy ho an'ny ankizy 3 taona ka hatramin'ny 11 taona. Matetika dia misy garderie ho an'ny zazakely 18 volana ka hatramin'ny 3 taona.




Oran'ny Fivoriana Fanasan'ny Tompo: ____________________

Adiresin'ny Fiangonana: ____________________

____________________

# *Inona no tokony ataoko?*




- *Vakio ny Bokin'i Môrmôna.*
  *Vakiteny atolotra:* ______________________

  ______________________

  ______________________

  ______________________

  ______________________

- *Mivavaha mba hahafantarana fa marina ny zavatra nampianarin'ny misiônera.*
- *Miangòna.*
- *Miomàna hatao batisa amin'ny* ______________________
- *Jereo ny www.mormon.org mba hahalalana bebe kokoa momba ny drafitry ny Ray any an-danitra ho an'ny zanany.*
- *Tohizo ny fihaonana amin'ny misiônera mba hianarana bebe kokoa momba ny fahamarinana izay naverin'Andriamanitra tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny mpaminany amin'izao vanim-potoana izao.*

  *Fihaonana manaraka:* ______________________

  *Anaran'ny misiônera sy ny nomeraon'ny telefaonina:*

  ______________________

  ______________________

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

**www.mormon.org**

MALAGASY

4 02011 97654 9
01197 654

**Sary Nampiasaina**
Eo amin'ny fonony: Sombiny avy amin'ny *Tafatsangana Izy,* nataon'i Del Parson
© Del Parson. Tsy azo adika
Pejy 11: Sombiny avy amin'i *Kristy tao Getsemane,* nataon'i Harry Anderson
Pejy 13: *Tafatsangana Izy,* nataon'i Greg Olsen. © Greg Olsen. Tsy azo adika

© 2006 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny teny anglisy: 01/06. Fankatoavana ny fandikana: 01/06. Fandikana ny *The Plan of Salvation.* Malagasy.